

*Rubrica di
Cultura & Inculturazione
in preparazione
al viaggio apostolico di
Papa Francesco
in Madagascar
(6-7-8 settembre 2019)*



8

MIFANINONA NY FINOANA NENTIN'I KRISTY SY NY HANITRA NENTIN-DRAZANA?

**[In che rapporto stanno la fede cristiana
e il profumo degli Antenati?]**

CESARE GIRAUDO

Efa nandalo izao ny taonjato voalohany hatramin'ny nahatongavan'ny Fikambanana Lazarista fanindroany teto amin'ny Nosy. Tsy mandeha irery anefa izany fitsingerenana manetriketrika izany, fa vao mainka mampahatsiahy sy manamafy ny fahadimampolo sy telonjato taona, efa akaiky ho feno¹, hatramin'ny nanirahan'i Md. Vincent de Paul ny Misionera Lazarista voalohany tamin'iny faritra atsimo atsinanan'i Madagasikara iny.

1. NY FITARAINAN'ILAY KRISTIANINA MALAGASY VOALOHANY TAMIN'NY PRETRA LAZARISTA NANDIA VOALOHANY NY TANINDRAZANA

Mahaliana tokoa ny tantara mikasika ny nahatongavan'ny mpitory ny Vaovao Mahafaly tatý amintsika. Toa mizara roa ny tantara, satria resahina voalohany ny nihaonan'ny iraka tamin'ny Nosy, ary faharoa ny nihaonany tamin'ny mponina. Ny mpitantara dia i Mp. Charles Nacquart, izay tonga voalohany niaraka tamin'i Mp. Nicolas Gondrée namany, ary ny olona itantarana dia tsy iza fa i «Monsieur Vincent» mihitsy.

Toy izao àry ny nihaonan'i Mp. Nacquart tamin'ny Nosintsika:

¹ Dia ho feno izany amin'ny toana 1998.

Rahefa avy nandeha an-tsambo nandritra ny enim-bolana izahay, dia indro fa sambanay nahita an'ily Tany Madagasikara. Koa namporisihako ny tantsambo, mba samy hamela heloka ny namany, noho ny hadisoana rehetra nety nisy nandritra izany dia lava sy mahasatra izany. Dia samy nanome toky ireo. Tamin'ny andro fahefatra ny volana desambra 1648, dia nalatsakay ny vatofantsika tao amin'ily seranana nirina sy nandrasana indrindra. Nony efa tonga, raha vao tafidina an-tany aho anisan'ireo voalohany, dia nandohalika tamin'ny tany, mba hanolotra ny tenako amin'i Zanahary, ka ho tanteraka antsakany sy an-davany izay rehetra kasahiny hatao; ary koa mba handraisako, noho ny fahefana nape-traky ny Papa Ray Masina tamiko, ny Nosy lehibe sy ireo nosy kely manodidina azy ho anjara fananana ara-pinoana, hampijoroana ny fanjakan'i Jesoa Kristy sy handravana ny fanjakan'ny talen'ny haizina².

Toy izao koa ny nihaonan'ily mpitory teny tamin'ny tompon-tany Malagasy, izay angamba mbola tsy zatra firy amin'ny anarana vao niantsoan'ny vahiny azy:

Rahefa afaka enin'andro taorian'ny nahatongavanay, henonay fa ny mpanjakan'ny tany, atao hoe Andriandramaka, dia olona efa avy nianatra telo taona tany Gôa³, ary nentin'ny tantsambo Portogay avy tany mba hody aty an-Tanindrazana fony izy feno 17 taona (ary efa 50 taona izy amin'izao). Koa nandeha hamangy azy ny tenako, mbamin'ny Frantsay vitsivitsy, any Fanjahira izay nonenany: andro iray sy tapany raha avy eto ny dia... Noraisiny ara-pomba izahay, ary raha avy nanao ny famantaran'ny hazofijaliana intelo ny mpanjaka eo amin'ny handriny sy ny vavany ary ny fony, dia izao no voalazany: *Per signum sanctae crucis de inimicis nostris libera nos, etc...*⁴. Avy eo dia nataony ny Rainay, ny Arahaba, ry Maria ary ny Izaho mino amin'ny fiteny portogay. Koa nanontaniako izy, amin'ny alalan'ny mpandikan-teny, ny antony nahaizan'izy irery ihany mivavaka amin-Janahary ao amin'ny tany feheziny. Dia namaly izy, ary nohazavainy fa ny antony tsy nahalalan'ny mponina ny fivavahana dia noho ny tsy fisian'ny pretra hampianatra mivavaka⁵.

Hevi-dalina tokoa ny navalin'ily kristianina Malagasy voalohany tamin'ily pretra Lazarista nanitsaka voalohany ny Tany Madagasikara. Tsy mba teny maivamaivana na tsy voahevitra izany, fa sady fitarainana ombam-paniriana noho ny fampianarana mbola tsy azo tamin'izay, no fanamafisana sy fampahatsiarovana ny anjara fototra voapetraka amin'ny pretra amin'ny maha-pretra azy, izany hoe ny fampianarana mivavaka.

Raha raisina hodinihina ny valin'Andriandramaka, dia zary fanontaniana mipetraka amintsika kristianina ny teniny, indrindra indrindra amin'izao fitsingerenan'ny nahatongavan'ny mpitory teny taty amintsika izao. Moa notanterahin'ny pretra soa aman-tsara va ny adidiny mikasika izany fampianarana fototra izany? Marina aloha fa tsy hita isa ny fampianarana isan-karazany nataon'ireo pretra, izay tsy nahatsiaro vizana tsy nahatsiaro sasatra taty amintsika, na tamin'ny fanabeazana ara-tsaina na ara-nofa na ara-panahy izany. Nefa, raha ny fampianarana ny fivavahana no jerena manokana, dia azo valiana tsotra fa sady ampy no tsy ampy ny nataon'ny pretra, hatramin'ny andron'ily kristianina Malagasy voalohany ka hatramin'izao andro androany izao.

Fantatra moa fa lanja miakatra ny fiainana, ka tokony hiroso sy hitombo miandalana ny Fiangonana, na ara-pivavahana na ara-pinoana. Nefa toa miankina amin'ny fivelarantsaina ananan'ny olona tsirairay avy izany, arakaraka ny andro iainany. Azo lazaina fa

² Nalaina sy nadika tamin'ny *Mémoires de la Congrégation de la Mission* (tome IX, Paris 1866, p. 55).

³ Tanàna lehibe ao amin'ny faritry ny Karana i Gôa. Tany no nahatongavan'i Md. François Xavier tamin'ny taona 1542. Tokony ho tamin'ny 1614 ny niavian'Andriandramaka tany Gôa.

⁴ Teny latinina izany, ka izao ny dikany: «Noho ny hasin'ny famantaran'ny hazofijaliana, mba afaho amin'ny fahavalonay rehetra izahay, sns...».

⁵ Nalaina sy nadika tamin'ny *Mémoires de la Congrégation de la Mission* (tome IX, Paris 1866, p. 109-110).

mifandray tendro ny vavaka nataon'ny mpanjaka Andriandramaka teo anatrehan'i Mp. Nacquart sy ny fivavahana fanaon'ny kristianina hatramin'ny andro haingakaingana ihany izay. Fiteny latinina sy portogay no nivavahan'Andriandramaka; ary fiteny latinina ihany koa no nivavahan'ny kristianina Malagasy, hatramin'izay ka hatramin'izao fanavaozana ny fombam-pivavahana vao nentin'ny Konsily izao. Izany hoe: fiteny vahiny, ka nahatonga ho toa vahiny ny vavaka.

Farany àry moa, dia avy ny andron'ny Konsily Vatikana faharoa, ka nomen'ny Eglizy làlana malalaka ny kristianina eran-tany hahafahany mitodika amin-Janahary amin'ny tenim-pireneny avy, raha mivavaka. Ekena fa fanomezan'ny Fanahy Masina lehibe tokoa iny fanapahan-kevitra naharavo ny vahoaka iny. Matsiro sy mamy ho an'ny zana-dRazana isam-poko ny fiteny lovany. Nefa tokony ekena koa fa mbola tsy ampy izany, raha tahiny ka vokatry ny dika ara-bakiteny foana ny vavaka fampiasa ao anatin'ny fombam-pivavahana. Izany hoe: raha tsy tandrifin'ny toe-tsaina ananan'ny kristianina isam-pirenena ny vavaka, dia azo lazaina fa mbola vahiny ihany izany, na dia fanao amin'ny fitenin-dRazana aza.

Izany no anton'ny resaka sy ny dinika mikasika ny atao hoe «inculturation», izay novolavolaina sy nampandrosoina tsy tapaka taorian'ny Konsily, ka nanjary tsy mety misaraka amin'ny resaka fanavaozana ny fombam-pivavahana koa amin'izao vaninandro izao.

2. NY SINAODA AFRIKANINA SY MALAGASY MANOLOANA NY HOE «INCULTURATION DE LA FOI»

Anisan'ny zava-dehibe nitranga tany Roma tamin'ny taona 1994, dia ny Sinaoda iombonan'ny Eglizy manerana an'i Afrika sy ny Nosy. Fantatra fa ny Sinaoda, ho antsika katolika, dia fihaonam-ben'ny eveka, na solontenan'ny eveka, handinika foto-dresaka vaventy ary hanoro hevitra ny Papa Ray Masina. Nohazavain'i Joany Paoly faharoa fa ny dikan'ny hoe «Sinaoda» dia «miara-dia, miara-dàlana, miara-mamindra»⁶, fa «tongotra miara-mamindra» isika. Tsapan'ny Papa mantsy fa ny kristianina rehetra eran'i Afrika sy i Madagasika dia miara-dàlana sy miara-dia.

Hita fa mitovitovy fanao sy mifandray toetra ny firenena maro eran'i Afrika sy i Gasi-kara. Fantatra fa voarafitra ara-pomba ny fokonolona, maro ny tanora misondrotra, ary masina eo anatrehan'ny silaky ny ainy ny ray aman-dreny. Koa, sady mibanjina ny hoavy, no mbola miaina amin'ny lasa ny olona.

Ireo firenena manerana an'i Afrika sy i Madagasikara ireo dia azo oharina amin'ny hazomaniry matanjaka, izay misy foto-kazo tokony ho makadiry, rantsan-kazo tsy maintsy ho vaventy, ravina kanto ary vahatra lalina. Tsy mba mivelona amin'ny alalan'ny rantsana sy ny ravina ny foto-kazo, fa ao koa ny vahany. Ilaina manko ny vahatra, na dia tsy tazana velively aza fa rakofan'ny tany.

Satria tsy resaka momba ny zava-maniry, fa ohatra ara-pinoana sy tandindon-javatra ny antsika izao, dia hita sy tsapa fa tandindon'ny ankehitriny ny foto-kazo, tandindon'ny

⁶ Nalaina tamin'ny toriteny nataon'ny Papa tany Kampala (Ouganda) tamin'ny 9 fevrie 1993 (jereo ny gazety *L'Osservatore Romano* niseho tamin'ny 11 fevrie 1993, p. 8-9).

hoavy ny rantsana mbamin'ny ravina, ary tandindon'ny lasa ny vahatra. Fantatsika anefa fa tsy mba lasa tanteraka ny lasa, satria mbola miasa sy miantoka ny hoavy. Eo am-pitodihan'ny firenena Afrikanina sy Malagasy amin'ny hoaviny, sy eo am-pisondrotany amin'ny fiainana, dia mbola hainy ny mitodika amin'ny lasa, satria tsapany fa manan-kery ny fomba, dia ny fahendrena nolovana tamin'ny Ntaolo. Iny fahaiza-mitodika amin'ny fomban-dRazana iny ihany no maha-lalina ny ara-po sy ny ara-tsaina ary ny ara-panahin'ny firenena Afrikanina sy Malagasy.

Raha oharina amin'ny firenena atao hoe «firenena mandroso» ny Afrikanina mbamin'ny Malagasy, dia izao no hita. Ekena fa malemy sy mijaly ara-teknika ny firenena eo andalam-pandrosoana, nefa kosa matanjaka ny ara-tsainy. Matetika, mbola marivo amin'ny aranofo⁷, nefa lalina ny ara-panahiny. Koa ny toetra ananany dia azo oharina amin'ny foto-kazo marefo vatana sy mbola kely rantsana, nefa lalim-bahatra. Raha izany, dia azo antoka ny hoavin'ireo firenena rehetra ireo, fa miankina amin'ny halalin'ny vahany ireo.

Ahoana àry ny amin'ny firenena mandroso? Matanjaka ara-teknika ry zareo. Manampahaizana amin'ny fanamboarana masinina sy motera ary fitaovana isan-karazany. Matanjaka ara-toe-karena daholo ireo, ary maika lava, hono, fa lafo vidy eo imasony mantsy ny fotoana. Nefa, ao ambadik'izany fahaizana ara-teknika izany, dia matetika tsy hita firy. Tena raikitra amin'ny finoana kristianina izay miraikitra, nefa tsy mety mahataka-dalina ny finoany. Mbola mivelona amin'ny katesizy kely izay anisan'ny mazoto indrindra. Koa ny toetran'ireo firenena mandroso dia azo oharina amin'ny foto-kazo izay ngezabe ny vatany, ary vaventy ny rantsany, nefa marivo vahatra. Raha izany, dia toa tsy azo antoka firy ny hoavin'ilay hazo, satria tsy mifanentana amin'ny hatanjaky ny vatana ny harivo sy ny hafahezan'ny vahany.

2.1. Sady mazava no tsy mazava ny hevitra fonosin'ny teny hoe «inculturation»

Naverina matetika nandritra ny Sinaoda ny hoe «inculturation». Teny vahiny mantsy izany, sady teny mitovy fanoratra na amin'ny fiteny frantsay na amin'ny fiteny anglisy. Ny niavian'ny teny dia ny hoe «culture», avy amin'ny matoanteny latinina «colere», izay mifandray amin'ny frantsay «cultiver». Raha raisina ara-bakiteny ny matoanteny, dia «mamboly» no dikany. Fa raha raisina ara-kevitra an'ohatra, dia manambara ny fianarana ara-tsaina sy ara-panahy, ary ny fianarana ara-toe-pahaizana sy toe-piasana isan-karazany entin'ny olona tsirairay avy miaina amin'ny fihetsika amam-panao.

Amin'ny fiteny frantsay, antsoina hoe «cultivés» izay rehetra nahita fianarana ara-taratasy, ka nandany ron-doha bebe ihany amin'ny famadibadihana ny boky ianarana. Ireo ihany no atao hoe olona «cultivés». Fa ny sisa rehetra, na dia olona to teny sy mato-tsaina, na dia olon-kendry miantoka tokantrano, na dia olo-manga zatra mitondra ny vahoaka aza, raha ohatra ka tsy nahazo fianarana ara-taratasy omban-diplaoma dia antsoina tsotra hoe olona «incultes» na «sans culture». Tsapa amin'izay fa mampieritreritra sy mampisalasala tokoa ny hevitra ambaran'ny hoe «culture», fa teny maivamaivana io, ka enti-milaza toetra nampiana avy any ivelany fotsiny.

⁷ Marihina anefa fa tsy azo atao hoe tsara ny faharivo ara-nofo! Tsy maintsy horesena ny mosary sy ny aretina, ary tokony hampandrosoina araka izay takatry ny hery ny ara-teknika.

2.2. Ny fahazoana ny hoe «inculturation», eo amin'ny sampam-pahaizana mikasika ny finoana sy ny fombam-pivavahana

Mety ho maro ny fomba fandikana amin'ny teny malagasy ny fehezanteny hoe «inculturation de la foi». Araka ny fiheveran'ny sasany, dia izao no dikany: «ny fampakam-bolon-tany ny finoana», na «ny fampifanaraham-bolon-tany ny finoana». Marihin-dry zareo mantsy fa tokony hotadiavina sy halaina sy hampifanarahina ary haseho ny volon-tanin'ny finoana, izany hoe ny tsiron'ny toe-panahy soa maha-tompon-tany ny tompon-tany. Sady amafisiny izany amin'ny alalan'ny ohabolana hoe «mena tany, mena ovy». Lalina ny ohabolana, ka tsy lavina ny hevitra ambarany rahefa ampiasaina araka izay tokony ho izy. Nefa mety ho latsaka mitsivalana koa ny ohabolana sasany, raha toa ka enti-manazava tsotsotra ary malakilaky ny resaka finoana. Nahoana? Satria tsy mba raikitra amin'ny votoatin'ny ovy ny loko avy amin'ny tany, na mena na manga na fotsy na mainty izy io. Loko nampiana vonjy maika sy avy any ivelany ihany izany. Raha ohatra ka sasana, dia samy mody amin'ny loko vitana-Nahary efa nananany teo aloha ny ovy, arakaraka ny karazany avy. Koa amin'izany, noho ny finoana tsy mba ovy, tsy mba azo lokolokoina.

Ny sasany kosa dia milaza fa ny atao hoe «inculturation de la foi» dia «ny ezaka hampiditra ny Vaovao Mahafaly araka ny kolon-tsaina sy ny vakoka ary ny fomban-dRazana iainan'ny firenena tsirairay avy», na «ny fandalinana ny finoana amam-bavaka araka ny harena lovan-dRazana ananan'ny kristianina isam-poko, isam-pirenena». Ekena fa tsara, sady lalina ary manome fahafaham-po ireto dikan-teny vao voalaza ireto. Ny tsininy kely anefa dia ny halavan'ny teny. Koa mety ho toy izao, raha hahohezina: «ny fifandraisan'ny finoana kristianina sy ny finoana nentim-paharazana». Na mety ho toy izao koa: «ny fampifandraisana ny finoana ombam-bavaka kristianina sy ny hanitra nentin-dRazana», na hoe «ny fandalinana ny finoana nentin'i Kristy tandrifin'ny hanitra nentin-dRazana»⁸.

Dia mipetraka amintsika izao àry ny fanontaniana. Moa mifandray amin'izany hevitra lalim-pototra izany ve ny ambaran'ny hoe «fanagasiana»? Mihoatra ve, sa tsy mihoatra, an'izay takatry ny resaka lòkona ovy ity fiteny fampiasa matetitetika ity?

2.3. Ny ezaka maivana fanaon'ny sasany momba ny fanamboarana ny fombam-pivavahana tandrifin'ny toe-tsaina isam-pirenena

Miverimberina ny teny «inculturation» isaky ny iverenan'ny resaka mikasika ny fandalinana amam-pitoriana ny finoana nentin'i Kristy tandrifin'ny hanitra nentim-paharazana («inculturation de la foi annoncée»). Na dia asa goavana sy sarotra aza izany, dia azo ekena tsotra fa tsy misy atahorana firy, satria hitan'ny besinimaro fa anjaran'ireo manam-pahaizana manokana amin'izany ny mikaroka momba ny fandalinana sy ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly: ohatra, tandrifin'ny toe-tsain'ny Malagasy. Anjara asa apetraka amin'ny «théologiens professionnels» izany, na mpampianatra ambony manam-pahaizana manokana na mpikaroka tsotra zatra mandinika.

⁸ Ny teny sasany fampiasako eto no indramina tamin'ny lohatenin'ilay boky kely malaza *Hanitra nentin-dRazana*, nosoratan'i Mp. Rahajarizafy tamin'ny taona 1939, ka natolony ho an'ny tanora «solofy dimbin'ny ala».

Misy atahorana anefa ny resaka mikasika ny fampifandraisana ny fombam-pivavahana kristianina tandrifin'ny hanitra nentin-dRazana, izany hoe ny «inculturation» momba ny litorjia («inculturation de la foi priée»). Matetika dia tsy ekena firy fa anjaran'ireo «liturgistes professionnels» ny mikaroka sy ny mandinika eo amin'ity sampam-pahaizana ity. Heverin'ny maro mantsy fa na iza na iza dia afaka manolo-kevitra, manoro lâlana, sy manandrana ary mandidy manapaka momba an'izay rehetra tokony hatao. Eo amin'ny sampan'ny litorjia manko ny isan'ny mahay mampianatra, na mody mahay, dia mihoatra lavitra ny isan'izay miaiky fa mbola mila fampianarana.

Amin'ny mpikaroka sasany, lasa resaka akanjo ny fampifandraisana ny fombam-pivavahana kristianina tandrifin'ny hanitra nentin-dRazana. Ohatrohatra itony: any afovoan-tany, afa-po ny mpandahatra sasany rahefa soloana malabary sy lamba arindrano ny akanjo fotsy rebareba na «aube» fampiasan'ny mpitarika; ary any amin'ireo faritra amoron-tsiraka mbola aharetan'ny fitondrana ara-dRazana, mipoaka ny haravoan'ny mpandahatra sasany rahefa ampitafiana lamba soratra, sady asiana soty ny loha toy ny fanaon'ny mpanjaka, ny pretra mitarika ny fombam-pivavahana.

Hita taratra ny fahafaham-pon'ny maro manerana ny Nosy amin'ny resaka hira. Mikaroka sy mamorona vaovao tsy tapaka ny mpamoron-kira, miezaka ny mpamerin-kira, mafana fo ny mpihira, mihetsika ny fon'ny mpivavaka, hany ka lasa mitehaka ny zatovo ary mandihy ny tovovavy. Samy afa-po ny olona, na ny mpitondra na ny olom-pehezina. Dia hoy ny sasany: «Manga ny feo, misosa ny teny, ka masaka tsara ny “inculturation” aty amintsika!». Ny ohatra moa tsy mba lany.

Nefa, raha dinihina sy heverina, maro ny fahabangana hitahita etsy sy eroa, ary maro ny fanontaniana mipetraka. Raikitra loatra amin'ny feon-kira maresaka ny olona, ka tsy raharahaina velively akory ny teny. Indraindray tsy miady amin'izay takin'ny fombam-pivavahana ny hira. Amin'ireo mpamoron-kira, izay manan-talenta amin'ny feon-kira, ny sasany dia mbola tsy nahita fiofanana hianarana sy handalinana ny fombam-pivavahana na dia indray mandeha aza. Tia maresaka ny mpivavaka, homena maresaka ny mpivavaka, hany ka zary hirahira sy kilalaon-jaza ny fombam-pivavahana. Nefa, moa mety ho lanin'ny resaka hira (na resaka fitafiana) ve ny fampifandraisana ny fombam-pivavahana kristianina tandrifin'ny hanitra nentin-dRazana? Hanitra inona moa izany? Moa tsy afa-po amin'ny tsiro sy hanitra mafadefaka ve isika, raha izany?

Misy ohatra anankiray malaza. Tamin'ny nanokafana ny Sinaoda tao amin'ny fiangonamben'i Md. Piera tany Roma tamin'ny 10 avrily 1994, dia nandihy ny zazavavy mpihira Zairianina raha nitatitra ny fanolorana. Maromaro ny zavatra nololohaviny: dia mofo, divay, vary, mangahazo, vomanga, katsaka, voafandra, voaniho. Sady nentiny an-tànana koa ny sarin'i Afrika mamirapiratra, voasokitra eo amin'ny takela-barahina. Samy nitafy akanjo mifandray loko amin'ny hoditry ny lioparda ny mpandihy mihira. Koa nipoa-kafaliana ny feon'ilay mpanentana niteny teo anatrehan'ny mpiangona sy tamin'ny horonam-peo sy ny fahitalavitra, nanao hoe: «Indro àry fa zary afrikanina tanteraka ny fombam-pivavahana! Tontosa soa aman-tsara ny asa an'ezaka momba ny “inculturation”! Sambatra ny kristianina manerana an'i Afrika, fa nomena lâlana hivavaka araka ny fanahy maha-Afrikanina ny Afrikanina izy izao!». Dibo-karoavoana ny mpiara-miangona tamin'izay. Angamba nety ho taitaitra

kelikely ny zokiolona sasany, noho ny nahitany ny dihy tao amin' ilay fiangonana manan-daza indrindra, izay mbola tsy fahita hatramin'ny nahariana an'izao tontolo izao. Kanefa hoy kosa aho anakampo: Ahoana izany? Mba atahorana itony «afrikanizasiôna» tsotsotra itony! Raha ny fombam-pivavahana no jerena, moa azo atao hoe «hanitra nentin-dRazana» ny hira maresaka miharo tehaka, na ny antsa ombàna dihy, na ny hira fiadanana ifandraisan-tànana amin'ny bori-be?

Hoy ny ohabolana hoe: «Ao ny vodiny, vao manan-doha ny raha». Tsy mba azo avadika ny loha sy ny vodiny-javatra, ny ambony sy ny ambany, izany hoe: izay tandrifin'ny sainjaza sy izay saha ny toetran'ny mato-tsaina. Tsy hay ampitovina lanja ny mavesatra sy ny maivana, ny mamy sy ny matsatso. «Aza manao toa ny fary, hoy koa ny ohabolana, ka ny lohany indray no matsatso». Noho izany, moa tsy mandatsa-danja ny hasin'ny Olombe fahiny va isika (dia ny vodiny-javatra izany), rahefa raiki-mikarakara aloha sy manolokolo foana sy be loatra ny lohan-javatra⁹, dia ireny fihetsika tsy misy vesatra firy rehetra ireny? Enga anie mba ho tamatamam-pary mamy isika, ka mangady vahatra an-tany. Enga anie mba tsy hanao tsobo-dranon-dRamiangaly ny Eglizy Malagasy, ka raha marivo irobohana, fa raha lalina ihemorana.

3. NY HEVITRY NY EGLIZY EO ANATREHAN'NY FOMBAN-DRAZANA

3.1. Misy fitohizana ve ny fomban-dRazana sy ny fomba kristianina?

Marihina aloha fa ny fomban-dRazana ara-pinoana ihany no resahina eto, izany hoe ny finoana nentim-paharazana, fa tsy ny fomban-dRazana an-kapobeny.

Tsy misy tsy mahafantatra, na ny kristianina na ny tsy kristianina, fa tery dia tery ny toe-tsaina eo anatrehan'ny fomban-dRazana nananan'ny mpitondra talohan'ny Konsily, fa voatsininy tsy misy an-kanavaka ireo. Nataon'ny misionera ho finoanoam-poana, sy fomba mahadiso, ary fanompoan-tsampy daholodaholo ny fomban-dRazana. Tsy ilain-kovoasana lava izany, fa mbola tadidin'ny fotsy volo ny zava-nisy.

Soa ihany fa novan'ny Konsily sy novelariny indray ny toe-tsaina. Fantatsika izao fa tsy mba azo atao fanompoan-tsampy velively ny fitodihan'ny tompon-tany amin'i Zanahary sy ny Razana, na izay fanaon'ny loham-pianakaviana amin'ny alalan'ny fiantsoana tsotra (ohatra: raha misy manam-bady, rahefa tonga folo ny zaza, rahefa misy miasa vary, na manamamy lango, sns.), na izay fanaon'ny mpisaotra amin'ny alalan'ny fiantsoana amim-pomba lehibe (ohatra: amin'ny fanaovana sorona, na saotra, na fafy, na velatra, na tsikafara, na tata, na jôro, na fomba mifandray amin'ireny).

Samy mahafantatra isika fa, raha ohatra ka nanontaniana ny mpitondra talohan'ny Konsily ny amin'ny fifampitohizan'ny fomban-dRazana sy ny fomba kristianina, tsy maintsy valiany mivantana hoe: «Tsia, tsy misy fitohizana intsony, fa samy hafa tanteraka ny fanjakan'ny haizina sy ny fanjakan'ny mazava». Soa ho antsika, fa nohozongozonin'ny

⁹ Ny fahabangana amin'izany dia izay ambaran'ny mpamaritra matoanteny hoe «aloha», «foana», «be loatra».

Konsily izany tokim-pandavana nahazatra ny zoky teo aloha izany. Koa tsy sarotra hovaliana araka izay tokony ho izy ny fanontaniana izao.

Ataoko fa mifandray amin'ny fanontaniana momba ny fifampitohizan'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao ny antsika. Moa mifampitohy ny fizarana roa tonta eo amin'ny finoana kristianina? Raha ohatra ka vonjena tampoka ny resaka, dia azo heverina fa samy hafa ny taloha sy ny vaovao. Matoa tonga eo am-pelatanana ny vaovao, dia very anjara sy very tsiro ny taloha, ka tsy raharahaina koa. Ahoana àry ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao, fa an'ny Jody mantsy ny anankiray ary ny anankiray antsika?

Efa voavalin'i Jesoa ny fanontaniana ao amin'ny Vaovao Mahafaly. Isaka izay nanazava ny asa fanavotana ao amin'ny Testamenta Vaovao i Jesoa, dia ny Testamenta Taloha no nitodihany hatrany hatrany. Ohatra: tamin'ny nampiofanan'i Jesoa ny mpianatra roalahy teo amin'ny lalana mankany Emaosy, ny Testamenta Taloha no nitodihany, ka «dia novoasany tamin'izy roalahy, nanomboka tamin'i Moizy sy ny Mpaminany rehetra, izay rehetra voasoratra momba ny Tenany» (*Lk 24,27*). Noho izany, tsy mety ho mazava ny Testamenta Vaovao, raha tsy amin'ny alalan'ny Testamenta Taloha¹⁰.

Satria reniranom-pahasoavana ny fanambarana nataon'i Zanahary tamintsika, dia azo oharina amin'ny rano mikoriana ny Testamenta roa tonta. Ony midadasika tsy hita pesipese-nina manko ny Testamenta Vaovao: avy any andrefana ka mankany miansinanana. Any eràn'iny rano misononòka tsara ngezabe iny, dia mandeha toy ny sakelidrano ny Testamenta Taloha. Lehibe koa io, sady avy lavitra, satria «hatrany am-piandohana» (*Jen 1,1*) no niantombohany, izany hoe tamin'ny niandohan'izao tontolo izao. Tanteraka tamin'ny Testamenta Vaovao avokoa ny tandindona nambaran'ny Testamenta Taloha. Hoy i Jesoa: «Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny Lalàna na ny Mpaminany; tsy tonga handrava Aho, fa hanatantarako» (*Mt 5,17*), izany hoe: handavorary, hanatontosa, hameno izay mbola tsy feno.

Koa tsy azo foanana ny Testamenta Taloha. Tsy mety hosakanana ny ranom-pahasoavana, izay avy amin'ny Taloha, tsy hivarinany amin'ny Vaovao. Tsy mba azo baikoina ny renirano avy any andrefana amin'ny teny tahatahaka izao: «Ny any erà, aza mivalana», na hoe: «Ianao, rano, modia amin'izay niavianao». Na dia sakanana amin'ny tohodrano avo dia avo, tsy mba eken'ny rano hosakanana, fa ao ny lalany miansinanana, ao ny dia tsy maintsy ombàny. Ary koa: raha ohatra ka tena sakanana ny sakelidrano andrefana tsy hikorianany miansinanana, dia manjary ho voa ny renirano avà. Ny tiako holazaina dia izao: ilaina tokoa ny Testamenta Taloha, satria raha ohatra ka tsy ao ny Testamenta Taloha, manjary banga ny Testamenta Vaovao. Tsy azo foanana ny Testamenta Taloha nolovana tamin'ny Jody. Antsika kristianina io. Mbola vakina ao am-piangonana io. Rehareha sy harena tsy azo ariana ny tandindona, sao dia ho voa ny tandindomina.

Toraka izany ny fanambarana nataon'i Zanahary tamin'ny Razana Malagasy. Karazandrazan'ny «testamenta taloha» sy naman'ilay Testamenta Taloha nolovantsika kristianina

¹⁰ Teo antenantenan'ny taonjato faharoa dia nampianarin'i Marcion fa efa lany andro sy hery ny Testamenta Taloha, ka tokony holavin'ny kristianina amin'ny maha-kristianina azy izy io. Nefa, na dia mpitondra ambony aza i Marcion, nohelohin'ny Eglizy ny fampianarany, fa diso. Koa notohizina hatrany hatrany ny famakiana ny Testamenta Taloha, indrindra raha fanao ao am-piangonana.

tamin'ny Jody, ny finoana niveloman'ny Ntaolo hatrizay ela izay. Ranom-pahasoavana manko io, ka azo oharina amin'ny sakelidrano avy any andrefana anankiray hafa koa, izay mandeha mifanindran-dàlana amin'ny Testamenta Taloha hatrany hatrany. Koa mikambana amin'ny Vaovao ny renirano roa.

Dia mipetraka amintsika àry ny fanontaniana. Moa azo foanana ity «testamenta» nomen-Janahary ny Razantsika ity? Angaha azo tohanana ny «testamentan-dRazana» tsy hiko-rianany miantsinanana koa? Azo baikoina va ny renirano andrefana tsy hivarinany amin'ny Testamenta Vaovao? Angaha azo tenenina hoe: «Modia amin'izay niavianao, ô ranom-pahasoavana nanafaka hetaheta ny Razana»? Raha ohatra ka asiana tohodrano avo dia avo ity anankiray ity koa, moa leferin'ny rano hosakanana? Moa tsy miantsinanana ny làlany tsy maintsy hombany? Tsy iny va ny hany diany? Raha ohatra ka azo sakanana marina ny sake- lidrano andrefana, moa tsy ho voa ny haben'ny ony atsinanana? Raha ohatra ka tsy ao intsony ny «testamentan-dRazana», moa tsy zary toa banga ny Testamenta Vaovao? Noho izany, dia tsy hay foanana ny «testamentan-dRazana», satria fanampin'ny Testamenta Taloha nolovana tamin'ny Jody io. Reharena sy harena ny tandindona, ka tsy azo vonovonoina; sao dia ho maty antoka ny zana-dRazana, ka tsy hahatakatra ny halalina sy ny hasin'ny tandindomina.

Misy fifandraisana manko ny Testamenta. Raha jerena ny nandaharan-Janahary ny asa fanavotana tamin'ny Testamenta Taloha, dia hita fa *voa heloka sy voa voina*¹¹ ny zanak'Israely tany Ejipta. Tsy nety ho afaka ny helony sy ny voiny¹², raha tsy hitany ny hahasolo azy. Noho ny fanambarana nataon'i Zanahary tamin'ny alalan'i Moizy ny andro nialohan'ny nitana ny Ranomasina Mena, dia hitan'ny zanak'Israely ny *solo heloka sy ny solo voina*, dia ny zanakondrin'ny paka. Sambatra koa ny zanak'Israely raha sambatra, fa *afa-keloka sy afa-boina* izy ireo tamin'izay, noho ny nisoloan'ny zanakondry ny helony sy ny voiny.

Toraka izany koa izay nambaran'ny «testamentan-dRazana». Raha ny angano ara-pinoana no jerena, dia hita fa *voa heloka sy voa voina* ny taranak'olombelona hatramin'ny naharian-Janahary azy «tamin'ny andro tsy fantatra tany»¹³. Voan'ny aretina tsy hain'ny ombiasa tsaboina mantsy raolombelona, fa aretina ara-panahy manambara ny nilatsahany tamin'ny fihavanana. Koa hoy Razanahary taminy hoe: «Mangataha amin'ilay zanak'io olona havanao io 'anao, mba ho solon'ilay zanakao». Neken'ilay havany (dia ny omby izany!) ny hataka, ka nahafoy tena izy, nanolotra ny tenany ho *solo heloka sy ho solo voina*. Sambatra koa Ramalagasy raha sambatra, fa nitady ka nahita; koa dia *afa-keloka sy afa-boina* izy ireo tamin'iny.

Sahala amin'izany indrindra ny tontosa tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao. *Voa heloka sy voa voina* daholo isika noho ny lovam-pahalemena azo tamin-dry Adama sy Eva,

¹¹ Voina ara-panahy sy ara-pinoana mantsy ny voina resahina eto. Satria vokatry ny heloka ny voina, azo lazaina fa *voa voina sy tra-boina* tokoa ny zanak'Israely tamin'iny.

¹² Azo lazaina fa ny heloka sy ny voiny ny zanak'Israely, sady tandindomin'ny nanandevozan'i Faraona azy ireo no manandindona ny toetran'ny fahotana amam-pahalemena mahavoa antsika olombelona.

¹³ Ity fehezanteny ity sy ireo manaraka, dia nalaina tamin'ny anganon-dRazana momba ny tsy fampisarahan'ny olombelona amin'ny omby. Notantarain'ny mpanjaka be anankiray io, nandritra ny fiofanana fandalinam-pinoana natao tao Farafangana tamin'ny taona 1975. Nadikako sy nohadihadiko ny angano tamin'ny boky *Eucaristia per la Chiesa* (Roma 1989, p. 365-370).

razambe itambaran'ny ambany masoandro rehetra. Ka sambatra koa isika raha sambatra, satria nahita *Solo heloka*, nahita *Solo voina*, dia i Jesoa Kristy. Izy tokoa no ilay Zanakondry tsy misy kilema indrindra. Izy no «Lehilahy mahery»¹⁴, dia ilay Fanalolahy mahery an'ady, ka nandrava ny fatora nanandevozan'ny talen'ny haizina antsika. Dia «nanetry tena Izy (*heautòn ekènôsen*)» (*Fil 2,7*), izany hoe: tsy nahatsiaro tena, ka nahafoy tena tamintsika, ka nahatonga antsika ho *afa-keloka* sy *afa-boina*. Hoy ny fitenintsika: «Ny heloka ibabohana mody rariny». Koa, noho ny nibabohan'i Kristy tamin'i Zanahary Aba¹⁵, dia nody rariny ny heloka be vava nobinabin-draolombelona hatry ny faha-Adama izany (jereo *2Kor 5,21*).

Masina razanakondry nataon'ny Jody sorona, masina koa raomby fanaon'ny Malagasy sorona, fa marina daholo ny tandindona, satria tanteraka amin'ny alalany ny anjara fanavotana kasahina hatao. Tandindona izy roa tonta, ka mbola tsy feno; koa mila hofenoina. Samy sorona sy fafy fampihavanana sady marina no miantomboka ireo, ka ilain-kohamarinin'ily tandindominy, dia ny Zanakondry izay tena izy tokoa.

3.2. Ny «Teny Mpamafy» sy ny «voam-bary nafafin'ily Teny», araka ny fampianarana nataon'ny Raiben'ny Eglizy

Tsy mba sarotra ny ahafantarana ny fitohizana na ny tsy fitohizan'ny fomban-dRazana sy ny fomba kristianina, izany hoe raha marina na tsy marina ny finoana nolovana tamin'ny Razana. Rahefa anontaniana ny Soratra Masina, dia valian'ily olo-manga nanoratra ny taratasy ho an'ny Hebrio hoe:

Fahiny, tamin'ny fotoana sy ny fomba maro samihafa, dia efa niteny tamin'ny Raintsika Razanahary... (*He 1,1*).

Hita miharihary fa ny Ray resahina eto dia ny Razan'ireo kristianina nanoratana ny taratasy, izany hoe ny Razan'ny Jody. Tokony hosoritana anefa fa tsy ireny ihany no voaresaka eto, fa ny Razam-poko amam-pirenena samihafa fiaviana, na dia tsy anisan'ny Jody aza araka ny firazanany avy. Fampianarana naverimberin'ny Raiben'ny Eglizy maromaro izany,

¹⁴ Misy antsa vako-dRazana anankiray mitondra lohateny hoe *Lehilahy mahery*, ka anisan'ny malaza indrindra amin'izay mbola fampiasan'ny foko amoron-tsiraka atsinanana maro, ohatra amin'ny fanandratana mpanjaka na amin'ny famoran-jaza. Efa hira fanaon'ny vehivavy tamin'ny faha-Gasy taloha be io, angataham-pitahiana maraina sy hariva ho an'ny lehilahiny namonjy ady, ary anehoana hafaliana raha nitsena ny avy nandresy. Azo heverina fa anisan'ny rary nampahatsiahivin'i Mp. Toussaint Bourdaise am-bangovangony tao amin'ny taratasy nalefany ho an'i Md. Vincent de Paul ity anankiray ity (jereo *Mémoires de la Congrégation de la Mission*, tome IX, Paris 1866, p. 234). Dia antsa efa nataon'ny kristianina sasany tao am-piangonana koa ny *Lehilahy mahery*, hihobiana an'i Kristy amin'ny fiaretan-tory fankalazana ny paka. Ka mbola nataonay vao haingana teo io, nandritra ny fiofanana fandalinam-pinoana tao Maroakoho (diosezin'i Farafangana). Rahefa nitsaha-namaky ny tantaran'ny fitàna ny Ranomasina Mena ny mpamaky, dia lasa ny *Lehilahy mahery*, notaritin'i Aban'i Ano, anakandriambe zokiolona. Tsy mba vahiny amiko loatra na ny feon-kira na ny teny. Nefa tampoka ny zava-niseho tamin'iny, ka gaga izahay vory teo, fa sambanay nandre teny vaovao nampian'ny mpitarika anelanelan'izay teny fampiasa faharazana, dia ny teny fihobiana an'i Kristy, toy ny hoe: «Oh mifalia, zalahy, fa avy ny Mpamonjy! Ah, da resy ny fahafatesa! Oh, da mifalia, zalahy, fa efa tonga i Jesoa! Mahaiza mifoha isika, fa avy ilay Mpandresy ny ratsy! Mahereza, leroa, fa efa malalaka ny lala! ...». Dia gaga tokoa izahay mpiofana, fa gaga tsara, gaga soa.

¹⁵ Maha-afa-diana ity teny iraisan'ny Jody sy ny foko Malagasy maro ity. Sambatra izay afa-mitodika amin'ny abany amin'ily anarana nitodihan'i Jesoa tamin'i Zanahary Aba sy tamin'i Md. Josefa. Asa lahy, raha mety ho tafiditra, indray andro any, amin'ny vavaky ny Eglizy iny anarana be hasina iny!

ary voalohany indrindra nohamafisin'i Md. Justin¹⁶. Mpampianatra filôzôfia izy io, izany hoe sampam-pahalalana mikasika ny fikarohana ara-tsaina. Nefa, araka ny fiteny mahazatra antsika, dia azo atao hoe mpampianatra litorjia sy teôlôjia koa i Md. Justin, satria nankamamiany fatratra ny fikarohana mikasika ny firafitry ny fombam-pivavahana¹⁷, mbamin'izao resaka lalina momba ny fifampikasohan'ny Razana sy i Kristy izao.

Lazain'i Md. Justin manko fa «izay rehetra niaina sy nitondra tena araka ny Teny (izany hoe, araka ny fahazavana nentin'i Kristy), dia kristianina tokoa ireo»¹⁸, satria «voarakitra tanteraka ao am-pon'ny olombelona rehetra ny voam-bary nafafin'ilay Teny»¹⁹. Ambaran'i Md. Justin fa «nahalala an'i Kristy marina i Sôkratya, na dia am-bangovangony ihany aza izany», ary «tsy mba fantatry ny mpampianatra filôzôfia sy ny mpampianatra fitenim-pirenena maro irery ihany i Kristy, fa tena takatry ny sain'ny mpandrafitra mbamin'ny olo-tsotra rehetra tsy an-kanavaka Izy»²⁰. Avy eo: «Tsy vahiny amin'i Kristy velively akory ny fampianarana nataon'i Platôna»; ary koa: «izay rehetra fampianarana tsara nataon'ny jentily, antsika kristianina izany», satria «tazan'ny mpanoratra rehetra na dia am-bangovangony aza ny marina, noho ny voam-bary nafafin'ilay Teny sy napetrany tao am-pon'izy ireo»²¹.

Mbola nohamafisin'i Origène sy i Md. Jérôme, samy Raiben'ny Eglizy, ny fampianarana efa naroson'i Md. Justin teo aloha. Lazain' i Origène fa «mandray anjara amin'ilay Tenin-Janahary, izany hoe amin'ny hafenoan'ny Fisainana, ny zava-boàry manan-tsaina rehetra, satria voarakitra tanteraka ao anatin'ny karazana masombolin'ny Fahendrena sy ny Fahamarinana, izay tsy inona fa ny tenan'i Kristy»²². Hoy koa i Md. Jérôme: «Tsy misy teraka ny olombelona, raha tsy ao aminy i Kristy»²³.

Na dia mbola tsy teraka tao Betlehema aza i Kristy, dia efa niasa amin'ny maha-Olona faharoa amin'ny Trinité Masina Azy, satria tsy tontan'ny taona ny andro iainany. Iray ihany amin-Janahary ny lasa, ny ankehitriny sy ny hoavy. Raha izany, tsy dia misaraka amin'ilay Zanaka mandrakizay ny anaram-boninahitra hoe Kristy. Voalazan'i Md. Paoly fa naman'i Zanahary Aba i Kristy teo am-pahariana an'izao eran-tany eran-danitra izao (jereo *Kol* 1,15-17). Ary ampahatsiahivin'ny Raiben'ny Eglizy Tatsinanana fa zatra nikorana tamin'i Adama efa voaroaka tao am-paradisa an-tany i Kristy, hampionona ny malàlany rava fihavanana.

¹⁶ Na dia tsy Jody ara-pirazanana aza, dia teraka tao Palestina i Justin. Maty martyry tokony ho tamin'ny taona 165. Azo lazaina fa mpianatry ny Apôstôly izy.

¹⁷ Azontsika tamin'ny Md. Justin ny tantara tranainy indrindra momba ny fandaharana ny Sorona Masina.

¹⁸ Nalaina tamin'ny bokin'i Justin atao hoe *Première Apologie* (46,4).

¹⁹ Nalaina tamin'ny bokin'i Justin atao hoe *Deuxième Apologie* (8,1). Marihina eto fa mpandinika Grika tapitra ohatra amin'ny fahendrena i Sôkratya, izay velona tamin'ny taonjato fahadimy talohan'i Kristy.

²⁰ Nalaina tamin'ny bokin'i Justin atao hoe *Deuxième Apologie* (10,8).

²¹ Nalaina tamin'ny bokin'i Justin atao hoe *Deuxième Apologie* (13,2-6). Mitovy hasina amin'i Sôkratya, izay nampianatra azy, i Platôna, raha ny amin'ny fisavasavana ny votoatin-kevitra ny fomba amam-panao.

²² Nalaina tamin'ny bokin'i Origène atao hoe *De Principiis* (1,3,6; jereo ny antokom-boky hoe *Sources Chrétiennes* n° 252, p. 154-155). Teraka tany Afrika avaratra i Origène, tokony ho tamin'ny taona 185.

²³ Nalaina tamin'ny bokin'i Jérôme atao hoe *In epistolam ad Galatas* (1,1; jereo ny antokom-boky hoe *Patrologia Latina* 26, 326b). Mpandalina ny Soratra Masina sy mpandikan-teny malaza i Jérôme. Velona anelanelan'ny taonjato fahefatra sy fahadimy izy.

Araka ny teny voalazan-dry zareo Raibe moa, dia finaritra i Kristy hanohy ny anjara asany rahefa voàry raolombelona, ka zary toa mpamboly marisi-mamafy. Nalainy ny harona fenon'ily Tenin-Janahary (dia voafenon'ny Tenany izany), ka lasa nitety an-tsakany sy andavany ny làlan'izao tontolo izao, dia ny làlana mamantana any amin'ny fanahin'ny olona. Inoantsika marina fa ny làlana mamakivaky ny Nosy, na ny làlam-be aty an-drenivohitra mbamin'ny làlan-kely atsy ambanivohitra, na ny arabe miavo miiva sy voavovoka ary avatratra sy andrefana ary, na ny arabe be fasika any amin'ny tany ngazana atsimo any, na ny «làlana aomby»²⁴ aroa amin'ny faritry ny ala atsinanana be orana aroa, dia fantatr'i Kristy daholo ireny, fa efa nombany daholo hatrizay ela izay. Isa-maraina no niainga hamafy ny Mpamafy, hitady ny tany tsara, tany afa-tsilo sy lali-nofo, handatsahany ny masombolim-pinoana (jereo *Mk 4,1-20*).

Ela ny ela, nony efa tafita taty anivon'ny riaka ny mpitory teny, ka tonga miharihary ny fanambarana ny Vaovao Mahafaly, indro fa novàn'i Kristy ny asany indray, ka zary mpijinja ilay Mpamafy. Koa, amin'ny alalan'izay rehetra mitory teny aty amintsika izao, dia mieza-mioty tamin'ny «testamentan-dRazana» ny anjara fananany ilay Mpijinja, dia ny vokatry ny masomboly nafafiny teo aloha tao am-pon'ny mpino.

Tahaka ny anekentsika fa mifampitohy ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao, satria fanambarana mialoha ny an-kilany ary fanatanterahana ny an-daniny, dia tsy maintsy ekentsika koa fa mifampitohy marina ny «testamenta taloha» niainan-dRazana sy ny fanatontosana tonga lafatra tamin'ny alalan'i Kristy. Ny antony dia izao: raha ohatra ka tsy mety misy fanambarana marina ankoatr'izay natao tamin'ny firazanan'ny Jody, ka ekena fa fomba mahadiso ny finoana nananan-dRazana, iza moa no homena tsiny? Razanahary izany! Tokony homena tsiny tokoa Izy, raha ohatra ka nambakambakainy foana ny foko rehetra tsy miray firazanana amin'ny Jody. Dia tsy maintsy lazaina fa diso Izy, raha izany (sanatria ny vava!), fa ratsy lalao Izy! Fantatsika anefa fa tsy mba azo helohina ny nandaharan-Janahary ny famonjena ny miankandrefam-baravarana rehetra. Koa vao mainka tsotra sy mahitsy ho antsika ny manaiiky an'izay rehetra nampianarin'ny Raiben'ny Eglizy momba ny «Teny Mpamafy» sy ny «voam-bary nafafin'ily Teny».

Fomba fiteny ny hoe «testamentan-dRazana»; koa tokony ampiasaina am-pitandremana, raha ampiasaina²⁵. Tokana manko ny Testamenta Vaovao, ary tokana koa ny Testamenta Taloha, dia izay nolovantsika kristianina tamin'ny Jody, zokibe ara-pinoana. Fanambarana miantomboka ny Testamenta Taloha, itambaran'ny kristianina rehetra na aiza na aiza misy azy, na rahoviana na rahoviana ny andro iainany. Nefa misy namany ny Testamenta Taloha, misy tohany, misy fanampiny, dia ny «testamentan-dRazana». Ireo fanambarana mifanindran-dàlana hatrany hatrany ireo (dia ny Testamenta Taloha sy ny «testamentan-dRazana» izany), no mahatarika antsika hahataka-dalina ny votoatin'ny Testamenta Vaovao. Koa amin'izany: tsy mba anankitelo ny Testamenta, fa roa monja.

²⁴ Araka ny fitenim-paritra, dia atao hoe «làlana aomby» na «làlana sosotra» ny sakeli-dàlana madinidinika sy faran'ny ratsy anaty ala.

²⁵ Mba tsy hanakorontana ny hevitra sy ny fomba fiteny, tiako ho marihina fa isaky ny ampiasaiko ny hoe «testamentan-dRazana» tandrifin'ny finoana nentin-dRazana, dia soratako amin'ny lohasoratra madinika izany, sady ataoko ao anatin'ny farango sosona.

3.3. Aiza moa no itadiavana sy ahitana ny hanitra nentin-dRazana?

Tsotra ihany ny valiny: ao amin'ny Teny nambara «fahiny, tamin'ny fotoana sy ny fomba maro samihafa...» (*He* 1,1). Izany hoe: ao amin'ny voam-bary nafafin'ilay Teny Mpa-mafy; dia ao amin'ny anganon-dRazana²⁶, angano masina, angano ara-pinoana, tonom-bavaka, fangehana, tata, jôro, antsa vako-dRazana. Mety ho maro ny teny, nefa tokana ihany ny hady volamena hahazoan-karena, hahatratrarana ny hanitra, dia ny tsiron'ny fanambarana no-lovana tamin'ny Olombe fahiny.

Madio manko ny finoana nombàn'ny Razantsika hendry, dia finoana miaina amin'ny tantara mamerovero mifandray tsiro amin'ny tantaran'i Adama sy i Eva, izay napetrak'i Zannahary teo amin'ny vala fihavanana tany Edena, tany Atsinanana. Any koa ny fomba fisiorana narahin-dRazana raha mivavaka, izay mifandray rafitra sy mifanandrify fitenenana amin'ny vavaka fisaorana anaovantsika kristianina ny Sorona Masina.

Tena ihadiam-bolamena ny «testamentan-dRazana», ka mitanjozotra ny harena miaina ao anatin'ny hady. Arakaraky ny ihadiana no isehoan'ny volamena. Izay mihady marivo, tsy mahazo firy; izay mihady lalina, mahazo harem-be tsy hita lany. Toy ny vary amin-dronono tondrahan-tantely iny hady volamena iny, ka tian-ko lalina indrindra. Any no tokony ihadian'ny Fiangonana izay eto Gasikara, raha mba miezaka hamerina sy hampody amin'ny finoana kristianina ny hasina, ny hanitra ary ny endrika sahaza ny zana-dRazana.

Izao àry, mba tsy ho lasa dinika sy resaka ambony vavahady ny antsika, dia indro fa misy tantara kely izay natrehiko vao tsy ela.

Teo am-pamangiana ny zana-piangonana eroa amin'ny faritry ny ala atsimo atsinanana eroa, dia tonga aho tao amin'ny tanàna anankiray telopolo tafo any ho any. Efa harivariva ny andro zomà 30 septambra 1994 tamin'izay. Vao niditra tao an-tanàmba aho mbamin'ireo niara-dia tamiko, dia nampandrenesin'ny anakandriana²⁷ fa efa niomankomana hanao fomba ny fokonolona ny ampitson'iny, hamafazana olona diso. Koa dia nasainy hanatrika ny tenako.

Nohazavain'ny ray aman-dreny nitondra resaka ny zava-nisy. Taona maromaro teo aloha dia solafaka nifandika ny zanakalahin'ny anakandriana sy ny zazavavy anankiray. Nefa voasampom-pihavanana izy roa, ka tsy afaka mifanambady. Nanota fady toraka izany ny zanakavavy teraky ny anakandriana koa, fa tonga diso tamin-kavana. Avy eo, na ny zanakalahy na ny zanakavavin'ny anakandriana, dia samy nanorina tokantrano ara-pomba tamin'olona tsy voafehim-pihavanana. Nefa nanjary voam-pahorianana ny tokantrano roa tonta, fa samy nisy voina famoizan-jaza. Na dia ny tenan'ny anakandriana aza, tratran'ny hadisoan'ny

²⁶ Toa tsy sitraky ny ray aman-dreny sasany ny anarana «angano» tandrifin'izay resahina eto, fa mifandray loatra amin'ny hoe «anganoangano» na «tafasiry» ny ambaran'ny teny. Araka ny hevitr'izy ireo, dia ny hoe «tantara» no tokony ho anarana sahaza azy tsara, satria marina daholo izay ambaran'ny «tantara». Misy lanjany manko ny fehezanteny «Faharazana hòe...», izay anombohana matetika ny tantara toy iny. Nefa ataoko fa azo ampiasaina ihany ny teny «angano», indrindra raha ampiana mpamaritra anarana, tahaka ny fanaontsika eto. Nadikan'ny katesizy kely anankiray trainay hoe «*Angano Senga*» ny hoe «*Histoire Sainte*» (jereo ny boky *Exercices en langue Sakalave contenant Prières, Catéchisme, Cantique et Abrégé d'Histoire Sainte de l'Ancien et du Nouveau Testament*). Katesizy malaza io, fa noforonin'i Abbé Dalmon, «Premier Préfet Apostolique de Madagascar», ka natonta tao amin'ny nosy Bourbon (= La Réunion) tamin'ny taona 1841.

²⁷ Ny atao hoe «anakandriana», ao amin'ny faritra Antanala, dia ilay mpitondra mifandray hasina amin'ny mpanjaka. Na dia antsoina «zanaky ny andriana» (izany hoe: zanaky ny mpanjaka) aza izy, dia homena anaram-boninahitra hoe «i endrin'ny ampanjaka», noho izy reny, fa izy no nipoiran'ny fitondrana faharazana, hono.

zanakalahiny, dia latsa-kasina teo anatrehan'ny fokonolona. Koa dia tapa-kevitra i rangahy fa tokony hofafazana omby ny hadisoana.

Vao azoko ny tantara, vao henoko ny fanasana, dia somary niala tsiny aho amin'ny maha-vahiny ny tenako. Toy izao no navalin'ireo iraka: «Mba miavia 'anao, Mompera! Tsy hanahirana anay akory ny fahatongavanao. Vao mainka mamy ho anay ny anatrehanao ny fomba». Dia ravo aho, ka tsy nisy niriko ambonin'izany!

Nifanaraka izahay, dia ny iraky ny anakandriana sy ny kristianina, fa hatao maraim-be ny Sorona Masina. Dia naharitraritra ihany ny ampitson'iny ny fanompoam-pivavahana, fa lavalava ny toriteny natao, sady narahina batemy koa. Rahefa vita ny fomba kristianina, dia niakatra izahay ho ao an-tanàmbé. Tokony ho tamin'ny valo maraina tamin'izay, ary vao no-tapahina teo atsinanan'ny Tranobe ny omby. Dia nampandrosoina an-trano aho, sady notolorana ny toerana voatokana ho an'ny vahiny be, eo avaratry ny varavarana atsinanana. Tandri-fin'ny varavarana atsinanana, izay tsy azo ombàna anefa²⁸, hitako fa efa voapetraka teo amin'ny fandambana lovia madio be anankiray nanovozana ny loha ran'ny omby, izay nampiana rano mangatsiatsiaka. Naroson'ny tompon-trano ny finaritra, araka ny fanao amin'ny fandraisam-bahiny. Raikitr'asa teo an-tokotany ny tovolahy nandrasa ny hena. Raikitr'asa koa atsý sy arý ny kilonga maro, izay efa nametrahana adidy rahateo amin'ny fanaterana ny ravindravinala hatao lafika eo ambanin'ny omby. Samy nihazona mafy izay sendra ka nandraofany tamin'ny kibon'ny omby. Ankoatr'izany, dia samy nahazo tapak'atin-kena ireo rehetra ireo, hatramin'ny zazakely aza.

Nony inona dia naroson'ny zatovo anankiray avy eo ivelan'ny varavarana atsinanana ny fon'ny omby, ka noraisin'ny anakandriana ary nataony tao anatin'ny lovia efa nametrahana ny loha ra iny. Dia nangatahiny ny antsy ary novakiny am-pitandremana ny fo, hampifangaroana ny ran'ny fo amin'ny loha ra. Nampiana toaka kely io, ary notsobohana farantsa volafotsy tsanganolona.

Teo am-pibanjinana ny fihetsiky ny anakandriana, dia hoy aho tato an-tsaiko izao sy izao. Ireto fomba amam-panao vao hitako maso ireto, dia efa fantapantatro hatry ny ela ihany, sady ampiasaiko matetika amin'ny fandalinam-pinoana, raha enti-manazava ny tenin'ny Evanjely manao hoe: «... ary nolefonin'ny miaramila anankiray kosa ny fony, ka nisy ra sy rano nivoaka niaraka tamin'izay» (*Jo* 19,34). Mety ho inona ny antony nandefonan'ilay miaramila ny fon'i Jesoa? Hita manko fa efa maty sahadry Rajesoa. Ahoana no anararaotana hamely ny fatin'olona? Fantatro marina fa tsy mba takatr'ireo manam-pahaizana noho ny fikarohany arataratasy izany, fa noborahin'ny Razana Malagasy amin'izao valiny sady tsotra no lalim-bahatra izao. Dia izao àry ny valiny: sahala amin'ny fanaovana amin'ny omby, izay biby misy hasina indrindra, no nanaovan'ilay miaramila tamin'i Jesoa.

Raha dinihina sy heverina ny amin'ny omby, dia ny ainy manontolo, ambaran'ny fony voavaky, no enti-manavotra. Satria mbola misy ra sisa tavela tao, dia tsy miasa io, raha tsy

²⁸ Natokana ho an'i Zanahary sy ny Razana ny varavarana atsinanana. Nohazavaiko ho an'ny mpikaroka vahiny ny firafitry ny trano amoron-tsiraka atsinanana tao amin'ny lahatsoratra mitondra lohateny hoe *Liturgical Space in Madagascar* (jereo ny revio *Studia Liturgica* 24, 1994, p. 96-108).

vakina ny fo. Koa tsy mantsy ho latsaka tontolo ny ra, fandrao tsy misy fampihavanana (jereo *He 9,22*).

Toraka izany ny an'i Jesoa: ny ainy manontolo tsy maintsy ho tapaka, ny rany manontolo tsy maintsy ho latsaka, hahazoantsika fampihavanana feno sy lavorary. Izany, hoy aho, no ambaran'ny fon'i Jesoa voalefona sy ny fon'ny omby voavaky. Sady toy izao koa no anazavan'ny sasany ny hery aman-kasina ananan'ny ran'ny fo: raha ohatra ka voararaka tsy nam-poizina ny lovia ka very ny loha ran'omby, dia atao ihany ny fafy amin'ny ran'ny fo, satria ny ran'ny fo no manambara ny aina manontolo nalatsaka, hisolo heloka ny olona diso. Ankoatr'izay, marihina fa tsy misaraka amin'ny ra ny rano, na araka ny fanao amin'ny omby na araka ny natao tamin'i Jesoa.

Nalahatra tamin'izay ny fafy ra, izay fanao eo am-piantsoana an'i Zanahary sy ny Razana. Dia nanontany ny anakandriana: «Aiza ny rambony?». Indray mipy maso dia nalain'ny tompon-trano vadiny ny volon-drambon'ny omby, vao napetrany tao anatin'ny harona tsy ho very. Iny manko no anaovana ny fafy ra.

Nampidirina ny zaza diso. Nandray fitenenana ny ray aman-dreny anankiray zokiolona, ka nohazavainy ny fomba fipetrahan'ireo, izany hoe: mipetraka amin'ny tora-tsihy ny lehilahy voatodika miantsinanana amin'ny maha-lehilahy azy, ary mipetraka andamosin'ny lehilahy ny vehivavy mitodika miankandrefana. Tsy mba mifanatrika izy roa, satria fafy tsy mahazo mivady ny azy. Eo akaikin'ny nifampiady lamosina, dia nandray toerana ny zanaka-vavin'ny tompon-trano tonga diso, ka nila hofafazana koa.

Nitsangana tamin'izay ny anakandriana. Nitorovoka tamin'ny tora-tsihy tandrifin'ny varavarana atsinanana, ka nalefany tamin'izay ny fiantsoana. Nantsoiny aloha i Zahanary amin'ny teny hoe: «Any aminao Zañahary! Zañahary antsinana, da mitodiha miankandrefa; Zañahary andrefa, da mitodiha miantsinana; Zañahary avaratra, da mitodiha mianatsimo; Zañahary atsimo, da mitodiha mianavaratra». Tsy mba efatra anefa, fa tokana ihany ilay Zanahary itodihana, ka antsoina avy amin'ny zoron-tany efatra, mba hifantohany amin'ny fokonolona miantso. Maromaro ny anaram-boninahitra niantsoan'ny anakandriana an'i Zanahary, toy ny hoe: «Tompon'ny aina», «'anao namboatra tongotra aman-tànana», «'anao ambany fijery». Notantaraina taminy ny hadisoan'ny zaza, fa miloloha lanitra manko ny olombelona ka mety lena, mandia tany ka mety lavo. Nampandrenesina Razanahary fa fomba nangatahin'ny tenan'i Zanahary mihitsy ary nankatoaviny indrindra, ny fafy atao amin'iny fotoana iny.

Nalain'ny anakandriana tamin'izay ny rambon'omby, dia natsobony tao anatin'ny lovia misy ny ra, ka nafafiny intelo ny lohan'ny olona diso, nanao hoe: «Indro, fa fafazanay ran'aomby ny zanakay nifandiso. Mba tsisy pentimpentina koa, ka ho voasasa ny loto. Hatsarao ity zazalahy ity, mba tsy hisy zavatra hanan-kilema an'azy. Hatsarao io zazaviavy io, ho tsara, mba tsy ho vadiny koa io, fa anadahiny io, iabany io. Dia izany no añantsovana anao, ô Zañahary! Dia madio izy roa tonta, fa mamafy an'azy ahay ray aman-dreny, amin'izao vatan'andro androany izao, eto amin'ny vohitra, amin'ny Razana eto. Da atofay tsara, atofay soa, fa mamafy ran'aomby ny zaza ahay, amin'izy nifandiso. Da hahatsara an'azy, hitaiza hahavano...».

Teo am-pihainoana ny teny, dia lasa indray ny eritreritro ka hoy aho samy irery. Tsy mba fombafomba izao ataon'ny anakandriana izao, fa sakramenta: dia ny sakramenta tandri-fin'ny «testamentan-dRazana». Koa inoana marina fa izay ambaran'ny teny amam-pihetsika no tsy maintsy ho tanteraka «ex opere operato» (raha ohatra ka indramina iny fomba fiteny latinina mahazatra ny teôlôjianina iny), izany hoe tsy maintsy ho tonga lafatra. Natao avy eo ny fiantsoana ny Razana, izay tsy azo tononina anarana raha tsy amin'ny fotoana voatokana toy iny.

Hita sy tsapan'izay rehetra niatrika teo fa raiki-tahotra ny anakandriana teo am-panaovana ny fiantsoana ombam-pafy ra, fa nientana ny feony, nangoroho ny tãnany ary raikidraikitra tsy nihetsika ny tavany. Fantany manko ny fanavotana tonga lafatra tamin'ny alalany, ary fantatry ny rehetra izany. Lalany mantsy fa, satria nantsoina, avy Razanahary, ary avy koa ny «taloha velona», dia ireo «naman'i Zanahary», izay «nanjary kintana, volana, masoandro, efa nanjary riaka», ka nantsoina hanatrika ny fomba sy hijoro eo anatrehan'ny mpangataka. Vao tapitra ny fiantsoana, nitodika tamin'ny fokonolona ny anakandriana nanontany hoe: «Vita ve, Rony? Angaha misy hadinoko, ô valala be mandry?». Ka hoy ny fokonolona: «Dia izay! Tsy misy hadinonao, rangahy! Tsara daholo ny nataonao! Da vita io, tody io!».

Dia lasa indray, teny atsinanan'ny Tranobe, ny fandrahana ny henan'ny omby sisa tavela. Nefa tsy teo intsony ny vatany, fa tokotokon-kena maromaro voalahatra teo ambonin'ny ravinkazo no tazana, dia ny anjaran'ny fianakaviana irafetan'ny fokonolona izany. Samy tsy maintsy mandray ny anjarany avy amin'ny *hena saotra* ny olona, dia amin'ilay *nofon-kena mitam-pihavanana*. Any koa ny anjarako. Amin'ny maha-vahiny nasain'ny tompom-pafy ahy, dia nampiraisina amin'ny vody omby saha ny anakandriana ny tenako, ka natolony tamin'ny teny tsara fono ny anjarako.

Dia izany àry ny fandaharana ny fafy fampihavanana mbola fanao any amin'ny faritra maromaro manerana ny Nosy ankehitriny izao, indrindra indrindra any amin'ny tany amoron-tsiraka atsinanana. Fantatra fa amin'ny toerana sasany, indrindra eo afovoan-tany, efa very hatry ny ela ihany ireny rohi-dRazana ireny. Koa tsy saro-binanina fa indray andro any (izay irina mba ho lavitra anefa!) mety ho very koa ao amin'ireo foko mbola mitana azy izao. Mandalo ny andro amam-bolana ary misesisesy ny taona, ka miovaova miandalana ny toe-tsain'ny olona, sady fantatra fa tsy mba kolokoloina sy kajakajain'ny fandrosoana ara-teknika velively akory ny fomban-dRazana tsy ho very. Koa, raha ny fandalinana ny finoana kristianina no jerena, irina dia irina (raha farafaharatsiny ka very indray andro any ny fomban-dRazana) mba haharitra tsy ho very tanteraka ny votoatim-pinoana mbamin'ny toe-tsaina entina sy fonosin'ny fomba. Raha tsy izany, dia tsy maintsy ho fantatra mialoha fa hihena ny fahatakaransika ny rakitry ny finoana nentin'i Kristy, ka ho zary mahantra isika kristianina.

Ho fanamafisana an'izany dia azo alaina ohatra anankiray. Taorian'ny nandravan'ny miaramila romanina ny Tempoly tao Jerosalema, mbamin'ny vato fisoronana tao anatin'ny dia nofoanana daholo ny sorona, hany ka tsy azon'ny Jody atao sorona intsony ny zanakondrin'ny paka hatramin'izay. Nefa voatanan'ny zana-dRazana tsy ho very ny toe-tsaina nentin'ny zanakondry nataon'ny Razana sorona. Toetra lovam-pirenena manko io, ka ilain'ny Jody

hahatakarana ny votoatim-pinoana sy ny firafitry ny fomba fankalazana ny paka isan-taona²⁹. Sady ilaintsika kristianina ho fantatra indrindra ny votoatim-pinoana mbamin'ny toe-tsaina entin'ny zanakondry natao sorona, raha mba miezaka isika hahataka-dalina ny hasin'ilay paka vaovao, dia ny Sorona Masina izany.

Koa, rahefa avy izay andro hanafoanana sy hamerezana tanteraka ny sorona sy ny fomba famafazan-dra ny olona meloka, dia irina mba ho voatahiry toa rakitra sarobidy ny toe-pinoana voahantona amin'ireny lova madera ireny. Sambatra ny kristianina Malagasy, fa mora ho azy ny fahazoana ny Soratra Masina sy ny fahatakarana ny lanja sy ny hasin'i Jesoa Kristy, izay natao sady sorona no fafy fampihavanana antsika zaza manalavitra ny tranon'i Aba. Mora ho an'ny terak'i Gasikara ny fahazoana ny maha-sorona ny Sorona Masina sy ny herim-panavotana nentin'ny *hena saotra*³⁰, izany hoe nentin'ilay *nofon-kena mitam-pihavanana* izay iarahantsika mandray anjara.

Lalim-pototra ny kristianina Malagasy, ka tsy maintsy hotsaroany ny harem-be fananany. Ary tsy maintsy hotsaroany koa ny adidy vaventy voapetraka eo aminy, momba ny fanampiana an'ireo fiangonana tranainy izay nahazoany ny Vaovao Mahafaly. Marivo fototra manko ny finoan'ny kristianina maro eny am-pita eny, ka tsy misy takany ny amin'ny Sorona Masina raha tsy ny maha-sakafom-pianakavy azy. Marina fa sakafom-pianakaviana ny Sorona Masina, nefa mandeha faharoa ny maha-sakafo azy. Ny mandeha voalohany dia ny maha-sorona azy, izay asehon'ny ifantohan'ny fomba fisoronana amin'ilay sorona tokana natao teo ambonin'i Kalvery. Marina koa fa eken'ny kristianina anisan'ireo fiangonana tranainy manko ny maha-sorona ny Sorona Masina; nefa matetika toa zary fanekena am-bava izany, ka ny votoatin'izay ambaran'ny finoana tsy mety ho takany.

4. «INDRO FA MANDONDONA EO AM-BARAVARANAO ILAY MPANAVOTRA...»

4.1. Famintinana ny anton-dresaka amin'ny alalan'ny soso-kevitra

«Ny kabary alina, maika te-hatory; ny kabary maraina, maika te-hivary³¹», hoy ny ohabolana. Dikan'izany: tsy azo halavaina ankoatry ny efa natao, ny kabarintsika. Koa azontsika fintinina ny anton-dresaka tahatahaka izao.

1) Tena *hady volamena ny fomban-dRazana* ara-pinoana, ka sambatra izay foko sy firenena mbola miaina amin'ny hanitra nentin'ny fomba.

2) *Tsy mba ezaka mangataka andro* ny fampifandraisana ny finoana nentin'i Kristy sy ny hanitra nentin-dRazana.

²⁹ Mbola fanaon'ny Jody ankehitriny ny fankalazana ny paka isan-taona. Na dia tsy azo atao sorona intsony aza ny zanakondry, dia mbola voahantona amin'ny sorona fanaon-dRazana ny fomba izao ankehitriny izao. Koa mifan-drainy hasina sy mitovy hery tanteraka amin'ny henan'ny zanakondry fahiny ny fandraisana anjara amin'ilay mofo fisaka tsy misy lalivay, izay misolo ny zanakondry. Na dia tsy ao koa aza ny henan'ondry amin'ny sakafon'ny paka, dia mbola «hena saotra» ihany ny mofo.

³⁰ Na dia tsy mety ho tsapan'ny maso sy ny lela ny maha-hena ny komonio masina, dia inoantsika marina fa vatana aman-dran'i Jesoa izay takon'ny endriky ny mofo sy ny divay. Koa tena «hena saotra» ny Eokaristia, fa vokatry ny Saotra Masina izany.

³¹ Ny dikan'ny hoe «mivary» (na «mivarina, midina mankany an-tanim-bary») dia ny hoe «miasa vary».

- 3) *Ilaina ny fanakalozan-kevitra* amin'izay mbola miaina amin'ny fomban-dRazana, indrindra amin'ireo zokiolona miandraikitra ny fitahirizana ny lovan-tsofina.
- 4) *Tsy vitan'olona irery* ny fikarohana lalina momba ny fampifandraisana ny finoana nentin'i Kristy sy ny finoana nentin-dRazana, fa asa itambaran'ny kristianina tsy an-kanavaka izany.
- 5) *Toa misampana roa ny fitodihantsika* amin'ny finoana nentin-dRazana, satria *ao ny fitodihana amin'ny Razana kristianina* (izany hoe: amin'ny finoana voatahiry ao amin'ny Testamenta Vaovao sy ny Taloha, sy ao amin'ireo raki-malala nampandovan'ny Raiben'ny Eglizy sy ny Konsily hatrany hatrany), ary *ao koa ny fitodihana amin'ny «testamentan-dRazana»* (izany hoe: amin'ny finoana nentin'ny Razana Malagasy, ka voarakitra amin'ny lovan-tsofina). Koa samy tsy maintsy hovanjena mifanindran-dàlana ireo fitodihana roa tonta ireo.
- 6) *Misampana roa koa ny fikarohana* hampifandraisana ny finoana nentin-dRazana sy ny finoana nentin'i Kristy: *ao ny fikarohana momba ny fandalinana amam-pitoriana ny finoana* («inculturation de la foi annoncée»), ary *ao koa ny fikarohana mikasika ny fombam-pivavahana* («inculturation de la foi priée»).
- 7) *Anjaran'izay manam-pahaizana manokana momba ny teôlôjia ny mitarika* ny fikarohana momba ny fandalinana amam-pitoriana ny finoana («inculturation de la foi annoncée»).
- 8) *Anjaran'izay manam-pahaizana manokana momba ny litorjia koa ny mitarika* ny fikarohana mikasika ny fombam-pivavahana («inculturation de la foi priée»).
- 9) Eo amin'ny fikarohana momba ny fandalinana amam-pitoriana ny finoana («inculturation de la foi annoncée»), dia efa tsapan'ny mpikaroka maro fa *tena hady volamena ny anganon-dRazana*, izay ahitana ny votoatin-kevitra fonosin'ny teny maro, toy ny hoe *fihavanana, fampihavanana, solo heloka, solo voina, ra latsaka, nofon-kena mitam-pihavanana, hena saotra, fatora*³², sns.
- 10) *Enga anie mba ho maro ny mpikaroka miezaka mioty* sy mandray an-tsoratra³³ *ny anganon-dRazana*, izay tokony hadihadina tsara, hahitana hevitra sy rafi-piteny voaravaka sy voahaingo.
- 11) Eo amin'ny fikarohana momba ny fombam-pivavahana («inculturation de la foi priée»), dia tsy maintsy ekena fa *hady volamena tokoa ny tonom-bavaka itodihana amin'i Zanahary sy ny Razana* amin'ny fanaovana *sorona*, na *saotra*, na *tata*, na *jôro*, na *fafy*, na *velatra*, na *tsikafara*, na fomba mifandray anarana amin'ireny.
- 12) *Enga anie mba ho maro koa ny mpikaroka zatra mitodika* amin'ny ray aman-dreny, indrindra amin'ireo zokiolona nametrahana adidy amin'ny fiantsoana an'i Zanahary sy ny Razana rahefa misy fomba atao³⁴. Irina *mba ho maro ny tonom-bavaka mety ho voangony*, izay savasavana tsara, hahitana hevitra sy fitenenana lalina: ohatra, ny anarana anantsoana an'i Zanahary³⁵ sy ny Razana³⁶, ary koa ny hataka tso-drano³⁷.

³² Tena mifandray amin'ny hazofijaliana ny atao hoe «fatora» (na fañary, na fisokina, na jiro, na hazomanga, na vato mainty tsy mivadika, na vato namelan-kafatra). Azo jerena ny lahatsoratra *La Croix et le Fatora. Essai d'inculturation théologique dans le diocèse de Farafangana*, izay vitako tamin'ny revio *Aspects du Christianisme à Madagascar* 4 (1991), p. 51-74.

³³ Angamba mety horaisina amin'ny fangalam-peo ny tantara, mba tsy ho very ny tsirony. Nefa tokony hazavaina tsara mialoha fa antony fandalinam-pinoana izany.

³⁴ Marihina anefa fa, noho ny fanajana ny fombam-pivavahana ara-dRazana (izany hoe, noho ny atao hoe «discipline de l'arcane»), dia tsy azo raisina amin'ny fangalam-peo eo am-panaovana ny fomba ny feon'ny mpisaotra.

³⁵ Ny anarana mandeha voalohany dia ny hoe «Zanahary», izay be lanja indrindra angamba ho an'ny Malagasy. Iny manko no nampiasaina tamin'ny katesizy malagasy voalohany, izay noforonin'ny Lazarista ka voatonta tamin'ny taona 1657.

³⁶ Samy hafa tsiro ny hoe «Razana» sy ny hoe «havana nody mandry». Irina mba ho tafiditra, indray andro any, amin'ny vavaka fisaorana koa ny hoe «Razana». Momba ny anaram-boninahitra anantsoana an'i Zanahary sy ny Razana, azo jerena ny lahatsoratra *Prière eucharistique et inculturation. Jalons pour le Synode d'Afrique et de Madagascar*, izay nataoko tao amin'ny revio *Nouvelle Revue Théologique* 116 (1994), p. 181-200.

³⁷ Maromaro ihany ny ohatra tso-drano azoko tamin'ny ray aman-dreny niarahako niasa tamin'ny diosezin'i Farafangana, ka narosoko anoloran-kevitra ny mpikaroka tao amin'ny lahatsoratra voalaza etsy ambony (jereo ny revio *Nouvelle Revue Théologique* 116, 1994, p. 181-200). Mbola ampiako ity anankiray henoko vao haingana tao amin'ny

13) Adidintsika ny mieza-mampody amin'ny fombam-pivavahana kristianina ny hasina, ny hanitra ary ny tava saha ny zana-dRazana. Sady adidy itambaran'ny maro no *adidy mipetraka voalohany indrindra amin'ny pretra ny mampianatra mivavaka*, hahafahan'ny kristianina miaina tanteraka amin'ny vavaky ny Eglizy (indrindra amin'ny vavaka anaovana ny Sorona Masina) noho ny fampianarana azony. Efa niezaka nampianatra mivavaka tokoa ny pretra; ka vao mainka tsy maintsy hiezahany amin'izao andro fivoarana ara-pinoana izao, mba ho tontosa an-tsakany sy an-davany ny faniriana nasehon'ny mpanjaka Andriandramaka tamin'i Mp. Nacquart.

14) *Tsy fananan'ny Malagasy irery ihany ny rakitra navelan-dRazana*, fa lova fananana ho ny kristianina tsy an-kanavaka izany. Koa tokony hovelabelarin'ny zana-dRazana Malagasy ny voka-tsoa voarainy, ary tokony hampitainy koa amin'ireo kristianina anisan'ny Fiangonana tranainy, hahatakaran'izy ireo lalindalina kokoa ny votoantim-pinoana, indrindra indrindra ny hery aman-kasin'ny ran'i Kristy nahazoantsika fampihavanana feno.

4.2. Famintinana ny anton-dresaka amin'ny alalan'ny teny midina

Teny vitsivitsy notsongoina tamin'ny Sinaoda iombonan'ny Fiangonana Afrikanina sy Malagasy no amaranana ny resaka. Nalaina tamin'ny fampianarana nataon'ny eveka ny tahirin-kevitra anankitelo voalohany; ary ny fahefatra, dia tenin'ny Papa Ray Masina.

Rahefa nikabary teo anatrehan'ny eveka namany tamin'ny 18 avrily 1994 i Mgr. Charles Remy Rakotonirina, eveka ao Farafangana, dia hoy izy:

Tena manakaiky ny Testamenta Taloha ny finoana navelan'ny Razanay ho lova. Tsy mba mpanompo sampy velively akory ireo *kristianina miantomboka* (“les pré-chrétiens”) anisan'ny andian'ondriko. Raiki-pinoana lalina amin'i Zanahary manko ireo rehetra ireo, ka inoany marina fa efa niteny tamin'ny Razanay Razanahary “tamin'ny fotoana sy ny fomba maro samihafa, fahagola” (*He* 1,1). Iny fanambarana azon-dRazana ka mifandray amin'ny Testamenta Taloha iny, dia hita miharihary amin'ny alalan'ny anganon-dRazana, izay voatahiry tao amin'ny lovan-tsofina ary zary velona amin'ny alalan'ny fomba. Ny entin'ny *kristianina miantomboka* anajana an'i Zanahary dia ny saotra (na sorona) sy ny fomba fampihavanana atao hoe fafy. Koa mifampitohy ny atao hoe “depositum fidei” nentin-dRazana (izany hoe, ny finoana fototra navelan'ny Razanay) sy ny finoana kristianina³⁸.

Teo amin'ny «Tatitra famintinana ny kabary sy ny asam-baomiera», izay novakina tamin'ny 22 avrily teo anatrehan'ny fivondronan'ny eveka, dia izao no voalazan'i Kard. Hyacinthe Thiandoum, arseveka ao Dakar sy mpampaka-teny nandritra ny Sinaoda:

Tsy maintsy ekena fa tokony ampandrosoina ny resaka momba ny fampifandraisana ny finoana nentin'i Kristy sy ny finoana nentin-dRazana, ary hita miharihary fa izany no nataon'ny Sinaoda foto-kabary, ka nankamamiany indrindra... Enga anie mba hitombo hatrany hatrany ny fahatokian'ny Eglizy manontolo an'ireo Eglizy voaraina any Afrika sy Madagasikara, hanatontosany an-tsakany sy an-davany ity zokin-draharaha ity. Enga anie mba ho zary loha laharana amin'ny fikarohana ny

faritra Antanala ity: «Intelô ho velo. Da hangatsitsiaka, hanaranana aminao Zanahary any. Fa da mamafy rano itoa zaza itoa ahay... Da ho soaso a izy aminao Zanahary. Ho boroboaky an-doha-saha, hatà sahadý ho ela velo. Ho rano am-body vondro, hangatsitsiaka aly, hangatsitsiaka andro...». Marihina fa karazan'akondro ala ny boroboaky: akondro dia, akondron-dRazana, tsara faniry indrindra. Raha ohatra ka ambolena an-doha-saha (izany hoe amoron-drano) ny boroboaky, dia hatà ho velona mandrakizay mandrakizay, hono. Mitovy amin'ny hoe «mateza, miaina maharitra» ny hoe «matà» (na matàna, na matàña). Fomba fitso-drano ny Razana taloha io, ka misy tsirony manokana. Io dia tsy mba teny foromponin'ny tafara; fa faha-Razana, faha-Raibe no niboahan'io fiteny io. Raha misy tso-drano toraka izany, dia mitampimbava foana ny miatrika, hoe: «Ah, da tso-drano tena avy amin'ny fon'i rangahy tokoatre iñy!». Asa moa, raha indray andro any mety ho tafiditra ao anatin'ny vavaka fisaorana ny hataka tso-drano sasany (= «intercessions») mifandray tsiro amin'ireny rafi-piteny faran'ny soa ireny!

³⁸ Jereo ny gazety *L'Osservatore Romano* niseho tamin'ny 20 avrily 1994, p. 6.

sampam-pianarana teôlôjika amin'ny Oniversity mbamin'ireo foibe isan-karazany miandraikitra ny fandalinam-pinoana. Tokony ekena koa fa miankina amin'ny *fanakalozan-kevitra amin'ny mpitana ny fomban-dRazana* (“dialogue authentique avec la Religion Traditionnelle Africaine et Malgache”) ny ezaka fikarohana, satria *eo amin'ny fombam-pivavahana nentin-dRazana* (“dans ses cultes”³⁹) no ahi-tana ny votoatin'ny toetra lova ara-pinoana sy ara-tsaina ananan'ny Afrikanina sy ny Malagasy⁴⁰.

Eo amin'ny «Antsobe farany» nataon'ny fivondronan'ny eveka tamin'ny famaranana ny Sinaoda, ka naseho tamin'ny 6 may, dia izao koa no voalaza:

Aoka hojerena akaiky sy horaharahaina manokana ny fombanay sy ny finoana nentin'ny Razanay, satria lovam-pirenena ireo. Dia rakitra voatahiry amin'ny alalan'ny lovan-tsofina ireny. Koa miankina amin'ny *fifanakalozan-kevitra* ifanaovan'ny zoky aman-jandry ny hoaviny, hamindrana ny fomba hatrany hatrany. Ireo olon-kendry nametrahan'ny fokonolona andraikitra no tsy maintsy itodihana, *hanakalozan-kevitra*, indrindra amin'izao fiovaovan-toe-tsaina hitahita aty aminay izao. Amporisihina ny Fiangonanay tsirairay avy, mba hampandroso ny *fifanakalozan-kevitra voarafitra tsara* miaraka amin'izay miantoka sy mitahiry ny lovan'ny firenenay sy ny finoana nentin'ny Razanay avy⁴¹.

Farany àry, tamin'ny kabary fanaovam-beloma nalefan'ny Papa Joany Paoly faharoa amin'ny alalan'ny horonam-peo hatramin'ny Hôpitaly «Gemelli» izay nipetrahany tamin'ny 8 may, dia toy izao no namintinany ny foto-dresaka lehibe indrindra novolavolain'ny Sinaoda:

Indro fa mandondona eo am-baravaran'i Afrika sy i Gasikara ilay Mpanavotra, manao haody haody! Koa raiso Izy, ô ry Afrika mbamin'i Gasikara. Avelao Izy homba ny lâlana mankeo amin'ny toe-ponao sy ny toe-tsainao. Avelao Izy hiara-miaina amin'ny toe-panahy nolovanao tamin'ny Razanao fahiny⁴².

Rahefa avy nandre fa foto-teny grika no iavian'ny hoe «Sinaoda» na «Sinaody»⁴³, izay manambara «olona miara-dia» sy «tongotra miara-mamindra», dia hoy ny ray aman-dreny anankiray katesista ao amin'ny faritr'i Matitanana nanao tamiko hoe: «Da marina izany; kane fa mety ho teny malagasy koa io, fa mifandray amin'ny fitenintsika hoe *haody*, izay manambara fangatahan-dàlana idirana an-trano. Ka dia hoy i Jesoa tamin'ny Eglizy Malagasy: “Haody, haody! Mba omeo lâlana Aho, hahafahako miditra, hahafahako mody aty amintsika, hiara-miresaka, hiara-mikorana aminareo”. Eny, dia tsy maintsy homentsika kristianina Malagasy lâlana malalaka tsara i Kristy, hahafahany mody any aminy (jereo *Jo* 1,11), hahazoany miaina amin'ny hanitra nentin'ny Razantsika tompon-tany ety».

Cesare Giraudo s.j.
Diosezin'i Farafangana

Napoli, 7.7.95

Questo articolo è stato pubblicato in “*Le Christianisme dans le Sud de Madagascar. Mélanges à l’occasion du centenaire de la reprise de l’évangélisation du Sud de Madagascar par la Congrégation de la Mission (Lazaristes): 1896-1996*”, Baingan’Ambozontany - Fianarantsoa 1996, pp. 321-345
cesare.giraudo.sj@gmail.com

³⁹ Teny iray fototra mantsy ny hoe «culture» (= toe-tsaina) sy ny hoe «culte» (= fombam-pivavahana). Samy avy amin'ny matoanteny latinina «colere» (= mamboly). Ity fanamafisana nataon'ny Sinaoda momba ny «culte» ity no azo fintinina amin'ny fehezanteny hoe: «inculturer, c'est *in-cultuer*». Izany hoe: izay tokony hovonjena aloha dia ny «inculturation» momba ny fombam-pivavahana, fa zokim-pivoarana ara-pinoana manko io (jereo ny soso-kevitra narako tao amin'ny revio *Nouvelle Revue Théologique* 116, 1994, p. 198).

⁴⁰ Jereo ny revio *La Documentation Catholique* 1994, n° 2095, p. 524.

⁴¹ Jereo ny revio *La Documentation Catholique* 1994, n° 2095, p. 528.

⁴² Jereo ny revio *La Documentation Catholique* 1994, n° 2095, p. 508.

⁴³ Avy amin'ny teny grika «syn» (= miaraka) sy «hodòs» (= dia) nakambana, ny hoe «Synodos».